REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » NY 21 APRILY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**NOHAMAFISINA IREO FEPETRA HIADIANA AMIN'NY VALANARETINA COVID 19**

Noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ireto fepetra ireto hiadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina Covid 19:

- Mba hiarovana ny Malagasy amin'ny mety ho fahatafidiran'ireo « variants Covid 19» hafa eto Madagasikara izay efa miparitaka any ivelany dia tsy mandray mpandeha avy any ivelany mihitsy intsony i Madagasikara na avy aiza na avy aiza. Ny fandehanan'ireo teratany vahiny hamonjy ny tany niaviany kosa dia omena alalana hatrany.

- Ireo mpitondra vokatra avy any amin'ny toerana manodidina an'Antananarivo, izay mamatsy ny vokatra avy any an-tsaha eny amin'ny tsena eto an-drenivohitra, dia afaka miasa sy mandeha tsara noho izy ireo mitondra ny vokatry ny tany avy lavitra hamonjy ireo tsena vao maraim-be.

- Taorian'ny dinika nifanaovan'ny ministeran'ny fahasalamana, ny ministeran'ny varotra ary ny holafitry ny mpivarotra fanafody, dia hisy ny famerana ny vidim-panafody natao hiadiana amin'ny Covid 19 izay amidin'ireo farmasia, ka hampahafantarina ny vahoaka izany isaky ny zoma. Ny eto Analamanga no hanombohana izany ary hiitatra any amin'ny faritra rehetra.

- Mba hahafahana mamatsy ara-pitaovana ara-dalàna ireo toerana fandraisana marary sy toeram-pitsaboana isan-tokony dia nomena alalana tamin'ny Filankevitry ny Minisitra natao androany, ny fividian'ny fanjakana mivantana ireo fitaovana rehetra ilaina amin'ny ady hiatrehana ny Covid 19 any amin'ireo mpamokatra izany na any ivelany io na eto an-toerana. Izany no natao dia mba hisian'ny fitantanana mahitsy, madio ary mangarahara, tsy hisy mpanelanelana intsony na fakàna tombony mioampampana fa tonga dia ireo tena mpamokatra sy mpisehatra amin'ilay asa no hisian'ny fifampiraharahana.

- Notapahan'ny Filankevitry ny Minisitra androany ihany koa fa ny fitantanana ny vola sy ny fandaniam-bola rehetra manodidina ny Covid 19 dia mandalo ao amin'ny fonds CCO avokoa, ary tsy maintsy mandalo ny fankatoavan'ny Minisitry ny fahasalamam-bahoaka, ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanam-bola ary mahazo alalana avy ao amin'ny fiadidiana ny governemanta sy ny fiadidiana ny Repoblika.

## FANDRINDRANA NY FAMATSIAM-BOKATRA AN-DRENIVOHITRA:

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny nahazoantsika fanampiana mitentina 824 677 USD avy any amin'ny FIDA, na ny antsoina hoe RPSF (Rural Poor Stimulus Facility) mba hanamorana ny fidiran'ny vokatra mora simba eny amin'ny tsena na ny antsoina hoe « Projet d'Appui à la Commercialisation des Produits Agricoles (PACPA) ». Hisy noho izany fananganana ireo toerana fanangonam-bokatra ho an'ny tantsaha, ary ireo kaoperativa no haka sy hitsinjara ny vokatra aty an-drenivohitra miaraka amin'ny kaominina eto an-drenivohitra. Izy ireo miaraka no handrindra ny fitsinjarana sy fivarotana ireo vokatry ny tantsaha manerana ireo tsena vaventy eto an-drenivohitra mba hisorohana ny fahasimban'ny vokatra sy ny fivangongoana amin'ny toerana iray. Tetikasa izay natokana mba hisorohana ny fahasimban'ny vokatra sy ny fiantraikan'ny fanakatonana faritra vokatry ny ady atao amin'ny fihanaky ny valanaretina Covid 19 izay miteraka fahasahiranana ho an'ireo tantsaha.

## NOFERANA NY ORA FANAMPINY IASAN'IREO MPAMPIANATRA MPIKAROKA ENY AMIN'NY ONIVERSITE :

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fakana ny didim-pitondrana manatsara ny tontolon'ny fampianarana ambony nentin'ny ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, mikasika ny ora fanampiny sy ny anjara asa fampianarana tsy maintsy tanterahan'ireo mpampianatra mpikaroka eny amin'ny Anjerimanontolo manomboka izao. Voafetra araka ny gradin'izy ireo avy, ny ora fanampiny azon'izy ireo tanterahana. Ny komity iraisana izay hisahana ny fanaraha-maso no hanome fankatoavana sy hanaramaso ny fanisana sy ny fanatanterahana marina ireo ora fanampiny notontosain'ny mpampianatra mpikaroka tsirairay avy.

## FANAMPIANA HITANDROANA NY FAHADIOVANA AVY AMIN'NY UNICEF : NORAISIN'NY FANJAKANA AN-TANANA NY TATAON-KETRA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana an-tanana ny tataon-ketra tokony aloa mikasika ny fanafarana lava-piringa, fanampiana natolotry ny UNICEF ho an'ny ministeran'ny rano, ny fidiovana ary ny fahadiovana, mikasika ny fidiovana sy ny fahadiovana.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA :

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny didim-panjakana manova ny andininy ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2020-286 tamin'ny 4 martsa 2020 milaza ny filan'ny fanjakana ny toerana izay hanaovana ny famindrana ny tobin-tsolika etsy amin'ny lalam-pirenena faha 7 ao amin'ny fokontany Amboanjobe sy Ambohidrazana, kaominina Bongatsara, distrikan'Antananarivo Atsimondrano, faritra Analamanga

## III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana :**

- **Atoa NIRINA Jean Arivoson Désiré**, voatendry ho Procureur Général ao amin'ny fitsarana ambony ao Toliara.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy :**

- **Atoa RAZAFINJATO Herisoa**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Orientation et du Suivi des Programmes (DOSP »).

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :**

- **Atoa SENDRADILIFERA Masimbonjy Eluidoni**, dia voatendry ho Tale misahana ny fitantanan any mpiasa.
- **Atoa TSARASIDY Marcellin**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Office National de l'Enseignement Privée ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fampianarana ara-teknika sy fanofanana arak'asa :**

- **Atoa ANDRIANTARIJAKA Christophe**, dia voatendry ho Mpandrindra ankapobeny ny fandaharanasa sy ny tetikasa.
- **Atoa RIVOARIMANANA Jean Christian Guy de l'Ile**, dia voatendry ho Talem-paritra ao Ihorombe.

**Natao androany faha 21 aprily 2021**

**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**